## Ny Valosoa sy hadihady

### Faha- 12 taona nanakatonana ny Radio Fahazavana

# Naneho ny hetraketraky ny fitondrana mpanongam-panjakan-dRajoelina

Nitsingerina omaly zoma 20 mey ny faha-12 taona nisian'ny raharaha FIGN sy ny nanakatonana ny Radio fahazavana. Mpanao gazety maro no nogadrain'ny fitondrana tetezamin-dRajoelina. Teo ny 10 mianadahy mpiasan'ny Radio Fahazavana nanomboka ny 20 Mey 2010 hatramin'ny 09 Septambra 2010. Tsy nohajaina ny lalàna tao anatin'izany, toy ny fihazonana nandritry ny herinandro tao amin'ny BC Anosy, nefa 48 ora ihany no tokony hihazonana olona ao amin'izany toerana izany. Hetraketraky ny fitondrana mpanongam-panjakanan-dRajoelina tamin'ireny fotoana ireny izany, fa teo am-pelatanany ny hery satria notohanan'ireo miaramila izy.

Tamin'ny 12 ora alina ny andron'iny ihany, no natomboka ny fanadihadiana ireo mpanao gazety voasambotra, ary tamin'ny 6 ora maraina vao nifarana. Ny fitondrana tamin'ny alalan'ny Praiministra no niampanga azy ireo, ary zara fa taratasy kely miforiporitra amin'ny soratra penina mena no novakian'ny mpanadihady, izay mila tsy ho voavakiny. Tao amin'ny violon izy ireo no niaina ny Pentekôsta sy ny alatsinain'ny Pentekôsta. Vita ny herinandro vao niakatra "parquet" tao amin'ny Fitsarana Anosy ary avy hatrany dia nampidirina sy notanana teny amin'ny fonjan'Antanimora. Ny fiambenana azy ireo toy ireny gadra "criminel" ireny mihitsy. Ny fanaraha-maso azy ireo teny Antanimora niainany isan'andro, eny na dia nanao fotoambavaka mitokana tao amin'ny Chapelle aza sy rehefa niaraka tamin'ireo gadra politika hafa tao amin'ny fonja. Nisy mpanao gazety iray hafa tao amin'ny fonja voasambotra ny andron'ny 20 Mey io, ary niharan'ny herisetra sy fanendahana ny fitaovany fakany sary. Voa mafy tokoa io namana io tamin'ny daroka, vono sy daka, nahazo azy araka ny fitantarany. Indrisy fa izay no nitarika ny fahafatesany araka ny re taty aoriana kely rehefa nivoaka ny fonja izy. Efa namono mpanao gazety koa ny fitondrana tetezamita.

Hetraketraka no nataon'ny fitondrana tetezamita notarihin-dRajoelina tamin'ny mpanao gazety sy ny Radio fahazavana 12 taona lasa izay. Ny fandrobana ireo fananany tao anatin'izany. Tsy tafaverina intsony, ohatra, rehefa nogiazina teny amin'ny BC Anosy, ireo môtô roa an'ny mpanao gazety. Tsy hita intsony ny niafaran'ireo fitaovana ireny. Misy ny mpanararaotra, lazaina ho "mpitandro filaminana", tsy niahotra ny nibodo, mba tsy ilazana hoe nangalatra, fananan'olona tamin'izany fotoana izany. Endrika iray nasehon'ny tetezamita izany.

N'inona fanazavana, ny tsy azo lavina, voatohintohina ny fahalalahana miteny sy maneho hevitra momba ny fanonganam-panjakana tamin'izany fotoana izany. Tsy mahazaka demôkrasia ny fitondrana tetezamita sy Rajoelina. Fiainan'olona maro no simbany. Nampikorosy ny toe-tsaina sy ny soatoavina ihany koa ary indrindra ny fiaraha-monina ny vokany. Nanimba ny firenena izany. Mbola miaina izany voka-dratsin'ny fanonganam-panjakanan-dRajoelina sy ny forongony izany isika ankehitriny, mikorosy fahana ny firenena, any amin'ny rambony eto amin'izao tontolo izao no misy ny laharany.

**Sôh'son**

Filohan'ny HCDDED

# Misy tsy mahatoky ny rafitra mifehy ny fifidianana, ka mety hiteraka korontana



*Ny filohan'ny HCDDED.*

Naneho ny heviny momba ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana izao ny filohan'ny HCDDED, na ny filan-kevitra ambony miaro ny demokrasia sy ny fanjakana tsara tantana eto Madagasikara, Navony Pierre Lenoble. Nambarany tamin'izany, fa misy ny tsy mahatoky ny rafitra mifehy ny fifidianana eto amintsika amin'izao fotoana, ka izany dia mety hiteraka korontana, raha tsy vahana dieny izao ny olana. Nambarany ihany koa fa: "tsy tokony namerina ny fahadisoana nataon'ny Filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina, izay nanakana ny Kandida Andry Rajoelina tsy hanatrika ny famoriam-bahoaka nokasainy notanterahina tany Mahajanga , ny Filoha Andry Rajoelina amin'izao fotoana, amin'ny fanakatsakanana ataony amin'ny Filoha Marc Ravalomanana toy ny niseho tany Miarinarivo sy Soavinandriana." Notsindriany, fa efa misy tsy mahatoky sahady ny rafi-pitantanana ny fifidianana, ka izany no mahatonga ny olona miteny hoe: andao hanao fandinihana mikasika ny fifidianana izay ho avy, mba tsy hisian'ny korontana amin'ny fifidianana . Zavanisy:"misy mikatona ny biraon'ny atitany tamin'ny fifidianana teo aloha, mikatona 24 ora, avy eo tonga dia misy voka-pifidianana hafa teo ary lany ny anankiray." Nambarany fa ny zavatra toy izany dia tokony tsy hisy eto amintsika intsony, satria ny fifidianana dia fanehoana avy hatrany ny maha demôkraty ny demôkraty. Satria nifidy ny ho Repoblikanina isika fa tsy nifidy ny ho Fanjakan'Andriana na Royaume , dikan'izay tokony hajaintsika ny fandimbiasam-pahefam-pitondrana ao anatin'ny filaminana. Tsy tokony hisy korontana intsony, tsy zakantsika izany." Ankoatran'izany nambaran'ity filohan'ny HCDDED ity koa fa ny olom-boafidy dia tsy tokony ho baikoan'ny olom-boatendry, indrindra fa ny olom-boatendry aty ambanimbany, fa tsy ny Praiministra akory izany , tsy Minisitra no tokony hibaiko olom-boafidy. Ny olom-boatendry tsy afaka mibaiko ny olom-boafidy, satria raha ohatra ka te hibaiko izy dia manao olom-boafidy koa izy izany. Tsy voafehy ny arofenitra eto amintsika," hoy ihany i Pierre Le Noble.

***Stefa***

VAOVAO FARANY AVY ANY FORT-DAUPHIN

# Navotsotr'ireo mpanao fihetsiketsehana ireo mpitandro filaminana



*Ireo solontenam-panjakana tonga any Fort-Dauphin.*

Vaovao farany momba ny raharaha Rio-Tinto/QMM sy ireo mpanao fitokonana any Fort-Dauphin faritra Anôsy. Fantatra izao fa navotsotr'ireo mpanao fitokonana ireo mpitandro filamianana notazonin'izy ireo. Toe-draharaha mafana sy mitàna ny sain'ny maro ny fihetsiketsehan'ireo mponina ao Taolagnaro amin'izao fotoana izao. Mpitandro filaminana miisa 5 no naratra tao anatin'ny hetsika fanalana barazy izay nataon'ny miaramila tany an-toerana, manoloana ny fanakan-dàlana nataon'ireo andian'olona, izay miteraka fiatoana amin'ny asan'ny Rio-Tinto/QMM. "Voatery najanona ny fanalana ny barazy, ary tsy maintsy nilefitra ny mpitandro filaminana, mba hiarovana ny ain'ireo namany izay mbola tazonin'ireo mpanao fihetsiketsehana", araka ny vaovao nampitain'ny mpitondra any antoerana. Nandritra ny hetsika nataon'ireo mpisakan-dàlana ireo, izay miisa 300 eo ho eo, izay nanorom-ponenana teo amin'ny làlana mihazo ny QMM mihitsy efa andro maromaro izao, dia nametraka mpitandro filaminana niaraka tamin'izy ireo mba hamefy ny hetsika ataon'izy ireo ny mpitondra any an-toerana. Rehefa tonga ny fotoana tsy maintsy hanalana ny barazy, dia noratrain'ireo mpanao fihetsiketsehana ireo mpitandro filaminana ireo. Taorian'ny fifampiresahana dia efa nomen' ireo andian'olona mpanao fihetsiketsehana ireo, ny mpitandro filaminana naratra miisa dimy, ary mbola misy amin'ireto farany no notazonin'ireo andian'olona miaraka amin' izy ireo, hoy ny loharanom-baovao. Nanamafy ity mpitondra any an-toerana ity fa "tsy azo lazaina hoe ataon'izy ireo takalon'aina ireo mpitandro filaminana ireo satria dia miaraka misakafo aminy sy miriaria soa amantsara miaraka amin'izy ireo, saingy tsy avelany hivoaka kosa". Raha ny vaovao farany dia efa votsotra avokoa ireo mpitandro filaminana ireo, taorian'ny fifampiresahana tamin'ny solontenan'ny governemanta, izay misy minisitra maromaro tonga any an-toerana. Mbola mandeha sy mitohy ny fifampiresahana amin'izao fotoana izao, entina mamaha ny olana sy mamaly ny hetahetan'ireo mpanao fihetsiketsehana ireo. Raha tsiahivina ny zavanitranga dia namoaka didy ny governoran'ny faritra Anôsy ny 12 aprily 2022 lasa teo, ny hampiatoana ny asa fanjonoana any an-toerana, vokatry ny fahitana trondro maty, nitsingevana ambony rano tamin'ny manodidina ny toeram-pitrandrahan' ny orinasa. Nisy ny fitiliana natao tamin'ny rano ahafantarana ny tena anton'ny fahafatesan'ireo trondro ireo. Tsy mbola nivaly amin'ny fomba ofisialy anefa io fitiliana io hatreto ary mbola miato ny asa fanjonoana. Tezitra noho izany ireo mpanjono sasantsasany, ka nitarika izao hetsika izao noho ny tsy fahafantaran'izy ireo ny marina, ary mitaky vola 30000 ariary isan'olona, isan'andro mandritra ny fotoana tsy voafetra amin'ny orinasa Rio-Tinto/QMM, onitra amin'ny tsy fahafahan'izy ireo miasa ireo mpanao fihetsiketsehana. Etsy ankilany ny orinasa ny orinasa mpitrandraka fasimainty dia mangataka sy miandry ny vokatr'ilay fitiliana. Hatreto izy ireo dia resy lahatra fa tsy avy amin'ny rano mivoaka avy ao aminy no mahafaty ireo trondro ireo, satria "manaraka ny fenitra amin'ny fanajana ny tontolo iainana" ary "nahazo fahazoan-dàlana avy amin'ny tomponandraikipanjakana amin'izany" ny orinasa. Tantara mitohy.

***Niaina***

TONONKALO

## Arahabaina Rainilainga

Manao hadisoana misesisesy
Fa efa matahotra ny ho resy ?
Ny vina rehetra tsy misy miainga
Ka nahazo anarana ho Rainilainga ?

Ny tanjona dia ny hampandihy vahoaka,
Satria efa tena tsy misy hapoaka ?
Kanefa ny maro vao mainka fanina,
Satria efa reraka sy sahozanina !

Raha vao mba miseho dia efa ihomehezana,
Ianao Rainilainga mpanao letrezana.
Tsy miafina intsony ny sai-maloto
Sy fomba fanaon`ny jiolahimboto !

Ny tsy ho tanteraka no hiraina.
Ny nofin`ankizy no tanisaina !
Ny mbola any an-kibon`ny omby hatrany
No ventiventesina sesilany !

…F`izany ilay hoe Rainilaingantsika.
(Varia-manonofy teleferika !)
Ny sainy no hita ho misidintsidina.
(Tsy miafina intsony fa sain`angidina !)

***DADAN`i ZINA (18-05-22)***